Le Mans faha-14 desambra 2016

Ry Havana malala,

Efa ho tapitra izao ny fotoanan'ny Fiaviana, ny fandravahana ireo lalantsika indrindra aty amin'ny firenena tandrefana dia mampahatsiahy antsika hatramin'ny herinandro maromaro izao fa efa tonga ny fotoana handinihana ireo fanomezana sy ny sakafo mafilotra amin'io andro lehibe io. Izany ihany ve no tiantsika homanina amin'ity fety ity ? Azoko antoka fa tsia ny valinteny, satria ny fotoanan'ny fiaviana, iainana ao amin'ny Fiangonana, dia miantso antsika amin'ny fibebahana, manohitra izao famadihana ho varotra ny Noely izao.

Olona 3 manana ny maha-izy azy no niara-dia tamintsika tamin'ny fanomanana ny Noely dia i Izaia Mpaminany, i Md Joany Baptista ary i Masina Maria. Mitory ny Vaovao Mahafaly izy ireo ary sahy niampanga ny tsy rariny ihany koa. Izy ireo dia nanoro antsika ny lalan'ny fibebahana, ny lalana mankany amin'ny Fahazavana izay tonga amin'izao tontolontsika izao dia i Kristy !

Ny vahoaka nandeha tamin'ny haizim-pito, nahita mazava lehibe; ary ireo nonina tamin'ny tany aloky ny fahafatesana, namirapiratan'ny mazava *Izaia 9, 1*

Ny litorjia amin'ny fotoanan'ny Fiaviana dia miantso antsika amin'ny fibebahana isan'andro isan'andro. I Daneels dia milaza amintsika ao amin'ny hafany ho an'ny Noely manao hoe : *omany ho an'Izy Tompo ny tranom-bahininareo ao anaty mba tsy ho voatery hankany an-tranon'omby Izy.*

Mafy izay atrehintsika amin'izao tontolontsika ankehitriny izao, satria olona an'anarivony maro, eran'izao tontolo izao no voaroaka hiala ny tranony na ny fireneny, tsy misy trano ka voatery mipetraka eny ivelany mandritra ny alina tontolo.
Ho antsika kristianina sy ho antsika voatokana, ny Noely dia tsy fety maha-akaiky an'Andriamanitra antsika fotsiny, na fety mahafinaritra ao amin'ny fianakaviana na samy mpinamana fotsiny. Ny Noely dia antso hiainana ny fiadanana, ny fahamarinana, ny fiarovana ireo mahantra ! Nisafidy ny ho tonga eto amin'izao tontolo izao sahala amin'ny zazakely marefo Andriamanitra. Nanaitra ahy ny vavaka izay nofidin'i Papa François tamin'ny volana desambra : **Tompo ô, atodiho amin'ireo ankizy maro izay nalaina an-keriny, izay maratra sy maty mandritra ny ady mitam-piadiana, ary ireo ankizy rehetra izay natao miaramila ka nangalarina ny hasin'ny fahazazany.**

Ilay Zaza Andriamanitra dia nifidy mandritra ny fiainany ireo mahantra, ireo mpanota, ireo voailika.
Ny hafatra iray hafa mandritra ny fiaviana dia ny ho mpiambina. Mampahatsiahy antsika ireo mpaminany, ho mpiambina ny fontsika mba tsy hihamafy izy, mba ho fo miraharaha ny fanireriana, ny fahantrana, fo mba tsy hatahotra ireo rahalahy sy anabavy izay anatin'ny fahasahiranana sy avy amin'ny tany tsy misy fandriam-pahalemana.

Niandry Mesia mahery, manan-karena, Mpanjaka ireo Jody, nefa tonga zazakely Izy, zaza vao teraka ao anatin'ny fihinanam-bilona, tsinontsinona, mitovy amin'ireo zaza vao teraka rehetra eran'izao tontolo izao, kely, tsy afa-manoatra, miankina amin'ny fikarakaran'ny olon-dehibe manodidina azy.
Raha Andriamanitra no tafiditra ao amin'izao tontolo izao, ao amin'ny fiainantsika, dia mampitsimbadika ny zavatra rehetra Izy ; izay lehibe lasa kely ary izay kely tonga lehibe. Ao amin'ny litorjian'ny Noely dia mihira isika manao hoe :
Endrey ny fifanakalozana mahagaga ! Ny Mpahary ny olombelona, nandray vatana iray sy fanahy iray, nanaiky ho teraka tamin'ny virjiny anankiray ary, tonga olombelona tsy nisy firaisana tamin-dehilahy, nanome antsika ny maha-Andriamanitra Azy.

Toriana manerana izao rehetra izao ny hoe : ***Misy zaza teraka ho antsika, Zazalahy nomena antsika***
Manolotra fanakaikezana ho an'ny olona rehetra Izy. Manoro izay namana ho an'ny rehetra Izy.
Ity hafatra ity dia mameno hafaliana sy fanantenana ny fontsika ! Eny ny hafatry ny Noely dia mitohy ao amin'ny firaisan-kina rehetra izay hitantsika manodidina antsika sy mameno fanantenana ny fontsika. Firaisan-kina misy manerana izao tontolo izao, isaky ny misy mponina tratry ny loza voajanahary. Firaisan-kina misy eo amin'ny samy mpifanolobodirindrina mba hanampy ny fianakaviana mifindra monina izay tonga ao amin'ny firenena mbola tsy fantany akory, firaisankinan'ny samy ankohonam-piainana amin'ny toerana mila fanampiana. Famantarana aman'arivony mitondra fanantenana izay entin'ny hafatry ny Noely no velona eo anivontsika.

Ary ireo mpamangy voalohany ity zaza ity dia ireo mpiandry ondry, mahantra sy madinika, tsy olona malaza na fanta-bahoaka, ireo mpiandry ondry izay matetika jerena amin'ny maso vilana, olona izay tsy atokisana tanteraka – nefa ity Zaza ity dia ho tonga **Mpiandry ondry ho an'ny olombelona rehetra**.

Makà fotoana mba hivavaka, handinika, hibanjina, ity misterin'ny Fahatongavana ho Nofo ity : *I Jesoa ilay Kristy, Teny tonga nofo, Tenin'Andriamanitra tonga tenin'ny olombelona. Misterin'ny mistery ny Fahatongavana ho Nofo. Sady maneho amintsika ny votoatin'ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra Izy no maneho ny laha-pitiavany ho an'ny olombelona.* Bokin'ny Fiainam-panahy *p 47.*

Eo anivontsika ny Tompo, Emanoela, Andriamanitra miaraka amintsika, Andriamanitra mitovy amintsika.
Hiray amin'ny voaary manontolo anie ny fontsika amin'ity hira fiderana lehibe ity :

Voninahitra ho an'Andriamanitra ary fiadanana eto an-tany ho an'ny olona izay tiany!

Ity fetin'ny Noely, izay fetin'ny Fikambanantsika ity anie, hameno hafaliana ny fontsika ary hahatonga antsika *« hitandrina ny olona tsirairay izay apetrak'Andriamanitra eo amin'ny lalantsika.* *Lalampanorenana*

Joyeux Noël – Zalig Kerstfeest – Merry Christmas – Mirary Noely sambatra.

Sœur Martine Meuwissen

Masera Martine Meuwissen
Lehiben'ny Fikambanana